

**A Iza no afaka? Romana 8:1.**

- ❖ Ireo izay manana fifandraisana mafy orina tsara amin'i Kristy ihany no afaka. Izany dia midika ho fananana firaisana isan'andro sy amin-joto-po Aminy.

**B Afaka tamin'ny inona isika? Romana 8:2.**

- ❖ Tsy mba toy ny lalàn'ny fahotana ny lalàn'ny Fanahy fa mitondra fiainana sy fahafahana. Fahafatesana sy fanamelohana ihany ho entin'ny lalàn'ny ota.

**D Ahoana no ananantsika fahafahana? Romana 8:3.**

- ❖ Tsy amin'ny lalàna, satria manameloka antsika ihany no hainy noho isika mpanota.
- ❖ Amin'ny alalan'ny fiainana sy fahafatesan'i Kristy izay tonga nofo sy nivelona tsy nisy ota.

**E Ahoana no tokony ho fiainantsika rehefa nafahana isika? Romana 8:4.**

- ❖ Tsy fehezina'ny fanirantsika intsony isika, fa amin'ny fifehezana sy ny tari-dalana avy amin'ny Fanahy Masina izay monina ao anatintsika.
- ❖ Noho izany, ny mandeha araka ny Fanahy dia midika hoe velona araka ny fitakian'ny lalàna: fiainam-pitiavana sy fankatoavana feno fitiavana.

**F Ahoana no ahafantarantsika raha velona araka ny nofo na araka ny Fanahy isika? Romana 8:5-8.**

❖ Velona araka ny nofo:

- Manao sy mieritreritra ny zavatra ny nofo.
- Fahafatesana no vokany.
- Mifandrafy amin'Andriamanitra ary tsy mahay manao izay ankasitrahany.
- Tsy mahay mankato ny lalàn'Andriamanitra.

❖ Velona araka ny fanahy:

- Manao sy mieritreritra ny zavatra ny Fanahy.
- Fiainana sy fiadanana no vokany.
- Tonga zanak'Andriamanitra ary velona mba hanao izay ankasitrahany.
- Milefitra eo amin'ny lalàn'Andriamanitra.

**G Ahoana no hiainantsika amin'ny fisainana ny zavatra ara-panahy? Romana 8:9-14.**

- ❖ Ny hany ahatonga antsika ho ara-panahy dia rehefa tarihin'ny Fanahy Masina sy iasany isika, amin'ny famelana Azy honina ao anatintsika.
- ❖ Velona ao anatintsika ny Fanahy rehefa misy fifandraisana ety eo amintsika sy ny Fanahy. Izany dia midika ho fanekena maharitra ny sitrapon'Andriamanitra. Manan-kery hanova ny fiainantsika ny Fanahy

**H Inona avy ireo vokatra ny fiainana araka ny Fanahy? Romana 8:15-17.**

❖ Ankehitriny:

- Afaka amin'ny tahotra isika satria voavela ny fahotantsika.
- Natsangana ho zanak'Andriamanitra isika.
- Andriamanitra no Raintsika ary mikarakara antsika Izy.
- Mpandova an'Andriamanitra isika satria zanany.
- Mizara ny lovany amintsika i Kristy.
- Miara-miaritra amin'i Kristy isika.

❖ Ho avy:

- Handova ny fanjakam-boninahitra sy ny fiainana mandrakizay isika.
- Hiara-manam-boninahitra amin'i Kristy isika.